



FINOANA SY FAHAZAVANA FOI ET LUMIERE

BELGIQUE-BELGIE
P.P
5060 SAMBREVILLE
6/69330

Gazety avoakan'ny Mpiaramivavaka Kristianina Malagasy eto Bénélux (M.K.M.B.)
Bulletin de liaison et d'information de la Communauté Chrétienne Malgache au Bénélux

40 Boulevard Bischoffsheim 1 000 Bruxelles
Taona faha 7 Laharana 05 – January 2004

MENSUEL – Editeur Responsable : Hery Rasoamanana
rue A.Chif, 31 – 6 200 CHATELINEAU

MBA HO TAONAN'NY FIRAISANA !

Dia indro fa manitsaka sahadry ny taona sivily 2004 isika mianakavy . Sahady, hoy aho, satria vao "omalin'ny omaly" no nitotrebika ny ankamaroan'ny zanak'olombelona 'nitsena' ny taona '2000'. Inona no tontosa ? Inona no kinasana ?... Aoka ho tsaroana tsara fa MITOHY ny 'taona' fa tsy miodina na miverimberina amin'ny kristiana . Tsy ny fotoana no mibaiko antsika fa ny tompony : ny Tompontosika . Ary tsy enjehina ny fotoana fa iainana .Tsihivina kely izany satria saika adino noho ny adim-piainana . Adino indraindray ny tena antom-pisiansika eto amin'ity fiainana ity. Adino fa ny tena imasoana mandritra ny fiainana anie dia tsotra e : ny hanjakan'ny Fitiavana ao amin'ny tsirairay, eo amin'ny mpiaramonina, eo amin'ny firenena misy ny tena, eo amin'izao tontolo izao. Rehefa mifampirary tratry ny taona vaovao isika dia heveriko fa rariny loatra raha tokony hifampiarahaba hoe : 'hanjaka aminao anie ny Fitiavana, dia ho mafy orina hatrany ny firaisantsika sy ny fifankatiavantsika !'. Mazàna mantsy dia toy izao no heno: dia ho salama ilaozan'ny aretina- hitondra soa sy fanambinana ity taona ity - hitondra harena ka ho tontosa izay kinasana rehetra amin'ity taona ity ets... Dia apetraka ihany ny fanontaniana manao hoe : fa angaha moa ny taona no mitondra soa na mitondra fanambinana ...? Inoako fa voafono ao ary tsy adino fa ny tompon'ny taona na ny fotoana no manome (mitondra) ny soa sy fanambinana fa tsy ny taona velively. Ary miankina aminao izany fahazoana ny soa izany fa tsy miankina amin'ny taona mihitsy.

Tsetsatsetsa tsy haritra ihany izany fa ndeha hiverenana kely ny hoe tokony hanjaka ny Fitiavana . Isika ato amin'ny MKMB sy ny Malagasy eto Benelux dia lazain'ny ankamaroan'ny mpiray tanindrazana mpandalo matetika na mitsidika antsika fa tena mahatana ny firaisana sy ny fifankatiavana tena Malagasy. Andriamanitra no isaorantsika noho izany ary angatahintsika hatrany ny hanomezany hery isan'andro ho an'ny tsirairay ahazoana mikolokolo izany fahasoavana azontsika izany. Aleo irin'olona toy izay maniry olona .

Tsy amin'ity taona ity ihany no tokony hanjaka ny fifankatiavana na ny firaisana fa mandritra ny fotoana iainan'ny tsirairay. Ny anton'ny hivavahana dia ny mba hanjakan'ny Fitiavana : ho mafy ny firaisana ao anatin'ny fifankatiavana . Sanatria tsy miray noho ny ratsy ny olombelona fa miombona noho ny Fitiavana . Isika Kristiana dia tokony ho lohalaharana amin'ny fampanjakana ny firaisana sy ny fifankatiavana na aiza misy antsika na inona toerana ananantsika andraikitra .

Rario hanjaka ao amin'ny fianakavianao ny firaisana Angataho hanjaka isan'andro amin'ny firenentsika ny fifankatiavana satria isika dia toy ny lafitr'akondro : miondrika iray ihany; mitraka iray ihany. Rario tsy hivily amin'ny baiko nanirahana azy ny Fiangonana Kristiana : mampiseho fa tsy voazarazara i Kristy satria iray ny Fitiavana nomeny, ary mba ho iray ihany 'izy rehetra' . Mampiseho izany firaisana izany va ny Fiangonana Kristiana(Protestanta) Malagasy aty ampitandranomasina? Atsipy ny tady an-tandroky ny omby, atsipy ny teny....

Mandra-panoratra indray !

Hery Rasoamanana

ALAHADY 25 JANOARY 2004

**FANOMPOAMPIVAVAHANA VOALOHANY
AMIN'NY TAONA**

Miatomboka amin'ny **TELO ora TSY DISO** ao amin'ny
Fiangonana Botanique (metro Botanique) Bruxelles

Fanompoampivavahana sy Fandraisana
Tarito ny namana
MISY MIANDRY NY ZANATSIKA

**DIMANCHE 25 JANVIER 2004
PREMIER CULTE DE L' ANNEE**

Culte avec cène, à **15 heures**
en l' Eglise Protestante de Bruxelles – Botanique
AMENEZ VOS AMIS
Garderie ouverte dès 15h (gratuite)

AZA ADINO FA MBOLA MISY NY:

Fanisanandro MKMB 2004 : 5 Euros
Ny sary MKMB 2004 : 3 Euros

N'OUBLIEZ PAS, EN VENTE CE JOUR-LÀ:

le calendrier MKMB 2004 : 5 euros
l'album photo MKMB 2004 : 3 euros

DINIKA

Dia faly miarahaba antsika tratra ny taona 2004 ry mpamaky hajaina. Mba ho taonan'ny Firaisana sy hanjakan'ny Fitiavana anie izany taona izany ka hiroborobo ny asa nanirahina antsika eto amin'ity izao tontolo izao ity. Vahiny roa no ampiantranointsika eto amin'ny DINIKA, dia Atoa Ratovoherizo Daniel, filohan'ny FJKM ao Montrouge-Paris (Frantsa) sy Atoa Max Randriamora, mitandrina ny Fiangonana FJKM Wagner- Paris (Frantsa). Fanontaniana mitovy no napetraka tamin'izy ireo tsirairay avy, ary dia misaotra azy ireo ny tompon'andraikitra eto amin'ny gazety tamin'ny fiarahamiasa nasehony avy. Marihina eto mialoha fa amin'ny valim-panontaniana sasany dia misy voalaza hoe "FJKM Bruxelles". Ny tian'ny mpamaly lazaina amin'izany dia ny MKMB Benelux, zanaky ny FJKM ary misolotena ny FJKM Foibe amin'ny fifandraisany amin'ny EPUB (Eglise Réformée Belge) eto Belgique

1° Ratovoherizo Daniel, Filohan'ny FJKM Montrouge-Paris.

Hery Rasoamanana : Firy taona moa izao no nijoroan'ny "Fiangonana Montrouge" ao Paris-Frantsa ? Inona no antony namoronanareo io Fiangonana io ? Efa FJKM hatramin'ny niandohany ve ianareo ?

Daniel Ratovoherizo : Afaka roa volana (Marsa 2004), dia hiditra amin'ny faha-20 taonany ny Fiangonana FJKM MONTRouGE PARIS. Ny antony namoronana io Fiangonana io dia araka ny hafatry Ny Tompo hoe "Mandehàna eran'izao tontolo izao hianareo, ka mitoria ny Filazantsara amin'ny olombelona rehetra" : noho izany ary dia ho fanitarana ny ambaindain'ny Fanjakan' Andriamanitra, sy ho fanitarana ny Fitoriana ny Filazantsaran' i Kristy Jesoa Tompontsika. Efa FJKM hatramin'ny niandohany ny FJKM MONTRouGE PARIS na ara-poto-dalàna izany, na ara-panjakana (araka ny Statuts Officiels mipetraka any amin'ny fanjakana).

H.R. : Araka ny fahafantaranao, misy firy ny Fiangonana FJKM ao Frantsa ? Ary ny eto Eropà andrefana ? Dia aiza koa no misy FJKM ?

D.R. : Misy dimy ny Fitandremana FJKM AMPITANDRANOMASINA nankatoavin'ny Synoda Lehibe FJKM farany tany Toleara tamin'ny volana Aogositra 2000, dia ireto avy izany : FJKM BRUXELLES, FJKM SUISSE, FJKM ORLEANS, FJKM NANTES, FJKM MONTRouGE PARIS. Ireo FJKM AMPITANDRANOMASINA hafa aty Eropà ankoatr' ireo dimy voatokana tamin'ny Pentekosta 2001 tao amin'ny ERF AUTEUIL-PARIS teo anatrehan' Andriamanitra sy ny Fiangonana sy ara-podalàna FJKM, ireo FJKM AMPITANDRANOMASINA vaovao hafa izany dia ny Synoda Lehibe FJKM manaraka amin'ny volana Aogositra 2004 ho avy izao no hanapa-kevitra momba azy.

H.R. : Manao asa fanampiana ny Malagasy na ny Fiangonana any an-tanindrazana ve ianareo ? Azonao fintinina fohy ve ny asa nataonareo tamin'iny taona 2003 iny ?

D.R. : Eny, manao asa fanampiana ny Malagasy sy ny Fiangonana any an-tanindrazana tokoa ny FJKM

MONTRouGE PARIS. Ny santionany amin'izany tamin'iny taona 2003 lasa iny dia nandray anjara lehibe tamin'ny "opération 10 euros" izay nataon'ny Fédération Protestante de France ny FJKM MONTRouGE PARIS ; nandray anjara adidy ara-bola ao amin'ny asan'ny FJKM FOIBE koa ny FJKM MONTRouGE PARIS; nandray anjara fanampiana ny FJKM FARAVOHITRA koa izahay amin'ny hanorenana Ankany Fitaizana; nandray anjara lehibe koa ny FJKM MONTRouGE PARIS amin'ny Fankalazana sy ny Fananganana ny Tsangam-baton'ny faha- 135 taonan'ny FJKM RASALAMA MARITIORA AMBOHIPOTSY izay mpiara-miasa kambana aminay.

H.R. : Inona no maha-samihafa ny paroasy Malagasy aty ampita amin'ny any an-tanindrazana ?

D.R. : Amin'ny ankampobeny aloha dia mitovy ny Fitandremana FJKM aty ampita sy any an-tanindrazana, samy manaja tsara ny Foto-dalàna FJKM. Ny fahasamihafana voatery misy dia noho isika aty ampita aty an-tanin'olona, dia tsy maintsy koa manaja ny fomba sy ny lalàna mikasika ny Fiangonana aty amin'ny tany izay misy antsika

H.R. : Hamaranantsika ny dinika, hiverenantsika kely ny taona 2003 : toa samy naka ho azy ny FJKM tao Frantsa nefa efa vitsy, ohatra tamin'ny fankalazana samihafa nanodidina ny pentekosta , inona no mahatonga izany ? Aminao, azo tanterahina ve ny fanokanana andro iray hiarahan'ny zanaky ny FJKM rehetra ao Frantsa sy ny manodidina miara-misaotra an'Andriamanitra, azo atomboka amin'ity taona 2004 ity, ohatra ? Ny hafatra tianao hamaranana izao dinika izao.

D.R. : Tsy samy naka ho azy izany mihitsy ny FJKM Frantsa sy Ampitandranomasina na tamin' iny taona 2003 iny izany, na tamin'ireo taona hafa teo aloha. Raha tsaroanareo FJKM BRUXELLES tsara dia niaraka daholo isika FJKM FRANTSAN' AMPITANDRANOMASINA rehetra niara-nankalaza ny PENTEKOSTA tamin'ny Alahady 8 Jona 2003 tao amin'ny ERF AUTEUIL-PARIS 16°, ary ny Filoha Nasionaly mihitsy, ny Pasteur RAZAFIMAHEFA Edmond, no nitory ny Tenin'Andriamanitra tamin'izany Fotoan-dehibe izany. Torak'izany koa no efa nataontsika FJKM FRANTSAN' AMPITANDRANOMASINA rehetra tamin'isika rehetra niara-notokanana ho FJKM ara-poto-dalàna sy teo anatrehan' Andriamanitra sy ny Fiangonana tamin'ny ALAHADY PENTEKOSTA 3 Jona 2001 tao amin'ny ERF AUTEUIL - PARIS, ary raha tsaroantsika tsara dia tamin'io PENTEKOSTA 3 Jona 2001 io no nanokanana ny SYNODAM-PARITANY FJKM AMPITANDRANOMASINA. Ankoatr'ireo Fotoan-dehibe niarahantsika FJKM AMPITANDRANOMASINA ireo, dia aoka tsy ho adinoina koa ny Fotoam-pivavahana Lehibe izay niarahantsika FJKM AMPITANDRANOMASINA rehetra ny Alahady 30 Jona 2002 tany aminareo FJKM BRUXELLES, dia nitohy koa izany ny Alahady 29 Jona 2003, tany aminareo hiany, ary sady nifanindry tamin'ny fotoana Fankalazana ny Fetim-pirenena malagasy moa ireo fotoana roa tany amin'ny FJKM BRUXELLES ireo, ka dia niara-nankalaza koa izany Vanim-potoana lehibe izany isika FJKM AMPITANDRANOMASINA rehetra tany BRUXELLES, izay natrehan'ny AMBASADAORON i

MADAGASIKARA ao Bruxelles sy Ramatoa vadiny (azontsika jerena ao amin'ny site internet-n'ny FJKM MONTRouGE PARIS sy ny FJKM BRUXELLES ny momba izany miaraka amin'ny sary marobe). Ka ny hafatra tianay hamaranana izao dinika izao dia ny mba hitohizan'ny fifankatiavana, sy ny fiombonana ary ny fiaraha-miasa eo amintsika FJKM AMPITANDRANOMASINA rehetra, ho tohin'ireo izay efa nataontsika hatramin'izay, "MBA HO IRAY HIANY IZY REHETRA" hoy Ny Tompo. Ho an' Andriamanitra Irery anie ny Voninahitra.

2° Max Randriamora, Mitandrina ny FJKM-Wagner-Paris.

H.R. : Firy taona moa izao no nijoroan'ny "Fiangonana Wagner" ao Paris-Frantsa ?

Inona no antony namoronanareo io Fiangonana io? Efa FJKM hatramin'ny niandohany ve hianareo ?

Max Randriamora : Tamin'ny taona 1978 no niorenan'ny Fiangonana Wagner.FMP-WAGNER (Fiangonana Malagasy Protestanta) no anarana nentiny tamin'izany.Tsy ary ho voatanisa eto avokoa ireo antony maro samihafa nahatonga ny fisarahana tamin'ny FPMA fa amin'ny teny indraim-bava dia maro ireo olona tehiaina amin'ny fiangonana niaviany tany Madagasikara. Fitondrana FJKM hatrany am-boalohany no nitantanana azy saingy tsy nitondra ny anarana FJKM-WAGNER kosa raha tsy efa nahazo tsodrano avy amin'ny Foibe FJKM.

H.R. : Araka ny fahafantaranao , misy firy ny fiangonana FJKM ao Frantsa ? Ary ny eto Eoropa andrefana ? Dia aiza koa no misy FJKM ?

M.R. : Eto Frantsa dia ireto no fantatro sy hitako : FJKM Montrouge, FJKM Nantes, FJKM Wagner. Eto Eoropa dia ny FJKM Suisse ankoatr'ireo dia ny FJKM La Réunion St Denis ary misy anareo izay manana rafitra manokana Zanaky ny FJKM.

H.R. : Manao asa fanampiana ny Malagasy na ny Fiangonana any an-tanindrazana ve hianareo ao Wagner ? Azonao fintinina ve ny asa nataonareo tamin'ny taona 2003 iny ?

M.R. : Eny manao tokoa izahay saingy mazava ho azy fa tsy ho araka daholo Babay sy Lohavohitra fa dia tsy maintsy misy safidy atao. Koa ny asa natao hatramin'izao dia mikasika indrindra ireo mpitandrina ao amin'ny FJKM. Fizarana akanjo hoan'ny mpitandrina miisa 50 mahery sy ny vady aman-janany ao amin'ny faritra Avaratr'Andohalo. Bisikilety 3 ho an'ireo mpitandrina misahana fiangonana maromaro. Boky hanovozan'ireo mpitandrina am-perinasa fahalalana. Misy trano famakiam-boky izay natolotra ho an'ny Foibe FJKM ao amin'ny rihina faha- 6 ao amin'ny Foibe FJKM Ifanomezantsoa.

H.R. : Inona no maha-samihafa ny fitandremana paroasy Malagasy aty ampita amin'ny any an-tanindrazana ?

M.R. : Raha ny tokony ho izy dia tsy tokony hisy ny fahasamihafana nefa io dia araka ny zava-misy. Heveriko

fa na ny an-tanindrazana aza dia araka izany koa.

H.R. : Hamaranantsika ny dinika, hiverenantsika kely ny taona 2003 : toa samy naka ho azy ny FJKM tao Frantsa nefa efa vitsy, ohatra tamin'ny fankalazana samihafa nanodidina ny pentekosta, inona no mahatonga izany ? Aminao , azo tanterahina ve ny fanokanana andro iray hiarahan'ny zanaky ny FJKM rehetra ao Frantsa sy ny manodidina miara-misaotra an'Andriamanitra, azo atomboka amin'ity taona 2004 ity ohatra ? Ny hafatra tianao hamaranana izao dinika izao

M.R. : Ny momba io moa dia mazava fa ny fiangonana tsirairay dia samy manana ny fandaminana anatiny. Mikasika ny FJKM WAGNER manokana dia fankalazana ny faha-25 taona niorenany ny andro pentekosta 2003 efa aman-taonany no nanomanana izany. Teo koa moa ny fanafoanana ny synodam-paritany FJKM-Outre-Mer izay niteraka disadisa be ihany, tao ireo teny tsy voahevitra naely tetsy sy teroa . Izany no antony nahatonga ireny fisavorovoroana rehetra ireny. Ara-poto-kevitra dia tokony hisy tokoa ny famoriana ireo zanaky ny FJKM saingy vokatry ny ratra naterak'ireny toe-javatra ireny dia sarotra amiko ny hamaly eo amin'ny toeran'izy ireo amin'ny fotoana ametrahanao fanontaniana , hisy fivoriana tsy ho ela hiarahan'ny FJKM Nantes, FJKM Suisse ,ary ny FJKM Wagner tsy ho ela dia haroso izany hetaheta izany.

Eto am-pamaranana dia tianay FJKM Nantes, FJKM-Suisse, FJKM-Wagner ny manolotra ny arahaba tratry ny taona 2004 ho an'ny Malagasy rehetra tsy an-kanavaka, hitondra soa sy fanambinana ho antsika rehetra anie ity taona vaovao ity ary mirary koa izahay raha mirary mba hananan'ny firenentsika ny toerana mendrika azy .Enga anie ka samy ho tahian'Andriamanitra amin'izay atao rehetra isika tsirairay avy.

Hery Rasoamanana

LE PROTESTANTISME MALGACHE

Avant de vous donner la suite de notre article sur le protestantisme malgache, point n'est besoin de souligner qu'il est nécessaire et utile de vous présenter ici mes meilleurs vœux à l'occasion de ce nouvel an 2004 ! Puisse cette année vous permet de découvrir une bonne réussite dans vos préoccupations, bonne santé et qu'elle vous soit une année bénie et prépondérante pour la gloire du Seigneur !

VERS L'UNIFICATION DES EGLISES ET L'OECUMENISME

Au XIX^e siècle, Madagascar a accueilli huit Missions chrétiennes. Au XIX^e siècle, les divergences et l'individualisme s'estompent peu à peu face aux problèmes communs qu'elles ont à affronter ; et les influences extérieures intervenant aussi, il se produit des rapprochements entre elles, couronnés aux abords de l'indépendance du pays par la formation de la FFPM (Fiombonana'ny Fiangonana Protestanta eto Madagasikara) en 1958. Cette unification et l'œcuménisme ont été préparés auparavant, en particulier entre 1945 et 1960.

Des conférences intermissionnaires à la FFPM

Le vent du renouveau qui souffle au lendemain de la seconde guerre mondiale amène la conférence intermissionnaire à élargir ses activités : définition d'une politique scolaire commune aux protestants en 1946, identité de point de vue sur des problèmes de la vie sociale à Madagascar, intervention du Comité intermissionnaire en 1956 et en 1957, puis de la FFPM en 1959 pour l'amnistie des condamnés de 1947. Cette adaptation au contexte socio-politique et cette participation commune active en vue d'une évolution rapide de la situation à Madagascar donnent à la Conférence un poids que chaque mission n'aurait pas pu avoir séparément. Elles sont aussi à l'origine de la mutation des deux Conférences intermissionnaires en FFPM en 1958, qui regroupe la FFMA, la FPM, la LMS et la FLM.

Vers la formation de la FJKM

Une autre forme d'unification des Eglises protestantes se manifeste pendant les années 1950 : le rapprochement des trois missions protestantes du Nord, œuvre d'autant plus délicate qu'il s'agit de faire fusionner des Eglises aux doctrines sensiblement différentes (Presbytériens, Congrégationnalistes et Quakers).

L'entreprise commence en 1950 avec la formation d'un comité mixte des protestants, à la suite de la Conférence d'Amsterdam de 1948 qui consacre la naissance du Conseil œcuménique des Eglises. Dirigé par les représentants de chaque Eglise, les Pasteurs Titus RASENDRAHASINA, Andrianaly RATAVAO et RALAMBOMAHAY, le Comité des protestants se propose de créer une Eglise Unie, selon l'Enseignement du Christ. L'entreprise aboutira avec la mise sur pied du *Fiangonan'i Jesoa Kristy eto Madagasikara (FJKM)* en 1968.

Le chemin de l'œcuménisme : vers la FFKM

Les rapprochements entre protestants en général se doublent du renforcement progressif des relations avec les catholiques et les protestants, même si la méfiance règne entre les deux confessions (une divergence de vue et une concurrence se manifestent notamment au niveau des activités sociales, plus particulièrement de l'enseignement). Cependant, les relations nouées pendant la seconde guerre mondiale entre soldats de différentes Eglises et le travail commun dans les syndicats chrétiens avait déjà posé un jalon discret vers l'œcuménisme. Dans les années 1950, pasteurs et prêtres jésuites organisent des discussions communes dans les collèges théologiques. En quelques endroits, à partir de 1956, la prière de la semaine pour l'unité rassemble les chrétiens de diverses confessions ; Le fait que le pape Jean XXIII invite au concile de Vatican II des représentants de toutes les Eglises, va donner une nouvelle impulsion au courant œcuménique qui commence à se développer à Madagascar.

(à suivre)

RAKOTOARIMANANA Joseph, Pasteur

LE SYSTEME DES VALEURS VEHICULES DU CHRISTIANISME A MADAGASCAR

Je vais essayer de classer ces valeurs dans les catégories suivantes : les valeurs sociales ; les valeurs esthétiques et les valeurs logiques ; les valeurs religieuses. Au lieu d'employer le terme « échelle de valeurs », je préfère utiliser le « système des valeurs » puisque je suis convaincu qu'une même valeur peut avoir plusieurs applications quand elle est impliquée dans le système social.

1 - Les valeurs sociales

Je retiens particulièrement deux principales valeurs sociales :

- le *groupe social* qui inclut la famille, le clan, la tribu et la nation
- et la relation de solidarité que nous appelons en malagasy *Fihavanana*

Je choisirai uniquement la famille dans le groupe social parce que c'est la valeur qui est la plus intervenue dans l'implantation du christianisme (version protestante) à Madagascar.

1.1 La famille

Pour bien comprendre la famille en tant que valeur sociale, nous commençons par la définir dans la société traditionnelle malagasy. Deux termes sont utilisés pour localiser la famille traditionnelle : le *tokantrano* (que nous traduisons par « foyer », « household » en anglais) et le *fianakaviana* (que nous traduisons par « parenté » ou « grande famille »). Généralement, la famille se compose du mari, de la femme et des enfants. Mais il arrive fréquemment à Madagascar que les grands parents vivent dans le même toit que la famille de leurs enfants, sinon dans une maison du même village (la « grande maison familiale » (*Tranobe*) où se réunissent tous les descendants pour un grand événement familial). Un enfant vit chez ses parents jusqu'à ce qu'il soit capable de se suffire à lui-même (« mahatsangy no àry »). C'est un grand honneur de devenir grand-parents, et plus on vieillit, plus on devient pour les descendants un « ancêtre vivant » (*razambelona*). Il est du devoir de l'enfant de prendre soin de ses parents dans leur vieillesse et plus tard de leur assurer de bonnes funérailles. La personnalité d'un père se perpétue à travers ses descendants. Avoir un enfant est très important dans la société traditionnelle malagasy car on est assuré d'avoir quelqu'un qui perpétue le nom (*mamelo-maso ny anaran-drany* = littéralement veut dire rendre visible le nom du père).

Le foyer (*tokantrano*, qui veut dire littéralement avoir une maison à part) forme non seulement une entité sociale définie, mais c'est aussi le noyau de la société traditionnelle. Nous ne pouvons pas comprendre l'aspect fondamental de ce noyau sans faire une incursion dans le domaine de la construction de ce foyer dans la tradition ancestrale. Dans la relation entre les parents et les enfants, c'est le père qui a la plus grande autorité dans sa maison. Rien ne peut être accompli sans son assentiment. La mère a certainement une autorité à l'égard de ses enfants, surtout quand ils sont encore en bas âge, mais elle est soumise à la décision de son mari. Le père, dans sa maison, est comme le pivot autour duquel toute la machine tourne. Mais cette autorité paternelle implique aussi des obligations et des responsabilités. Les enfants sont préparés pour leur rôle futur de soutien aux parents dans leur vieillesse et après

leur mort. L'obéissance filiale n'est pas vain mot à Madagascar.

Le christianisme a réussi à s'instaurer à Madagascar parce que les premiers convertis avaient intégrés les valeurs traditionnelles. Nous rappelons que la première activité des missionnaires était de créer une école, autrement dit de s'occuper des enfants. Ce geste était très apprécié puisque les missionnaires, sans s'en rendre compte peut-être, avaient ainsi pris le rôle du père qui s'occupe de ses enfants. Ils étaient dès lors considérés comme faisant partie intégrante de la famille. On les interpellait familièrement « *Ingahirainy* » (Monsieur le père) ou « *Dadabe* » (Grand-père), et tous les missionnaires seront appelés plus tard « *Raiamandreny Misionera* » (Les missionnaires nos parents).

Pendant le culte dans les églises protestantes à Madagascar, les *enfants* ne sont pas laissés ailleurs mais ils ont leurs places spéciales dans le temple (souvent les balcons leur sont réservés) et quelques membres du Conseil Presbytéral (*diakona*), ainsi que les moniteurs des écoles bibliques sont disposés à les surveiller. Souvent, une liturgie spéciale leur est réservée dans le culte. Notons aussi que le deuxième journal édité à Madagascar (après le « Teny soa analanandro », est une publication mensuelle réservée aux enfants : « Sakaizan'ny ankizy madinika » (qui deviendra le « Sakaizan'ny tanora », mensuel encore existant actuellement).

Dans les temes utilisés par les églises protestantes pour désigner tout ce qui est relatif à la congrégation, nous remarquons qu'ils sont empruntés aux termes employés dans la famille. Le pasteur est appelé familièrement « *Dadapasy* » (mon père le Pasteur) ou « *Ingahipasy* » ; sa femme est « *Ramatoa* » (la fille aînée de la famille), teme utilisé aussi pour dire actuellement « Madame ». Le temple qui est comme la maison-mère (à l'instar de la tranobe traditionnelle) est appelé « *Renifiangonana* » (église-mère); le presbytère est « *Trano vadimpiangonana* » (maison épouse de l'église). Chaque fois qu'il se passe un grand événement dans la congrégation, il est usuel à Madagascar de faire appel à tous les enfants dispersés pour revenir. Ils sont les « *zanaka ampilezana* » (enfants en diaspora) ou tout simplement des « *zana-piangonana* » (enfants de l'église). Une congrégation ne peut pas actuellement survivre à Madagascar sans le soutien des enfants de ses membres partis ailleurs. Mais notons aussi qu'à l'époque de la grande expansion du christianisme protestant à Madagascar, chaque congrégation s'était efforcée de parrainer une congrégation nouvellement créée qui devenait ainsi son « *zana-piangonana* ».

(à suivre)

Professeur Jean A. RAVALITERA

LALAN-TSAINA

VALINY MOA FANTATRAO VE ? N° 4

- 1) Fiandohana
- 2) Adama (Genesisy 3/21)
- 3) Hazo (Genesisy 2/17-35)
- 4) Eva (Genesisy 3/20)
- 5) Mazava (Genesisy 1/3)
- 6) Fahafito (Genesisy 2/2-3)
- 7) Vovo-tany (Genesisy 2/7)
- 8) Edena (Genesisy 2/8)

9) Menarana (Genesisy 3/1)

10) Ozona (Genesisy 3/17-19)

1	F	I	A	N	D	O	H	A	N	A
2	A	D	A	M	A					
3	H	A	Z	O						
4	E	V	A							
5	M	A	Z	A	V	A				
6	F	A	H	A	F	I	T	O		
7	V	O	V	O	T	A	N	Y		
8	E	D	E	N	A					
9	M	E	N	A	R	A	N	A		
10	O	Z	O	N	A					

Rehefa raisina ireo litera ao atatin'ny toerana matroka (cases grises) dia manome ny teny hoe FAHAZAVANA. Ary izao no nolazain'i Jesosy hanambarana azy: **“Izaho no fahazavan'izao tontolo izao; izay manaraka Ahy tsy mba handeha amin'ny maizina, fa hanana ny fahazavan'aina”.** (Jaona 8/12)

Liliane Ralaivoavy



►Fiantsoana

Antsoina isika mpikambana voasoratra anarana rehetra ato amin'ny MKMB mba samy ho tonga amin'ny Fivoriambe ara-dalana ny ALAHADY faha 29 Febroary 2004 aorian'ny Fanompoampivavahana . Fotoana hanavaozana ny komity hitantana ny Fiombonana mandritra ny roa taona (2004-2006) io fivoriana io koa entanina ny tsirairay dieny izao hanatrika sy handray anjara . Manomboka amin'ny Telo ora hariva toy ny mahazatra izany fotoana izany.

►ALAHADY 18 JANOARY 2004 : Fanompoampivavahana iraisam-pinoana iarahana amin'ny rahalahy sy anabavy Katolika , miatomboka amin'ny Telo ora folak'andro. Toerana : Lasapely Kolejy Md Misely, rihana faha-telo. (métro montgomery)- Bruxelles. Entano ny namana tsy tratra antso. Raha mila fanazavana dia antsoy ny 0495 50 96 59.

►HAFATRA

Isika izay nindrana boky ka mety mbola tsy namerina dia iangaviana indrindra mba hitondra izany amin'ny Alahady 25 Janoary ho avy izao satria eo am-panaovana "inventaire" ny tomponandraikitra. Raha sendra tsy afaka mamerina ny boky amin'io fotoana voatondro io dia aoka mba hametrak izany amin'ny iray amin'ny komity MKMB. Manantena ny fiarahamiasantsika.

Araraotina eto ihany koa ny manao antso amintsika izay mindrana fihirana ka mety manadino izany mba hamerina amin'ny fanompoampivavahana manaraka. Azo atao tsarany mindrana fihirana na baiboly, saingy aoka kosa tsy hadinoina ny mamerina azy.

►FISAORANA

Isaorantsika manokana ny Tompo fa lavorary ny krisimasim-pianakaviana nokarakaraintsika mianakavy ny ALAHADY 28 Desambra 2003 lasa teo. Isaorana isika rehetra nikarakara ny sakafo satria hita taratra ny fitiavan'ny tsirairay manome. Dibok'hafaliana ny zanatsika tamin'ny fanomezana tsy nampoiziny nentin'i" Dadabenoely". Isaorana eto manokana Atoa Rivo

Rakotoaly, nanolotena tamin'ny fanentanana ny fotoana teo am-pisakafoanana. Misimisia ny toy ireny ahazoana mihaona amin'ny namana tsy dia afaka matetika amin'ny fanompoampivavahana. Ny faniriana dia tsotra : mba ho 'noely' foana ny Alahadintsika mandritra ny taona e!. Ho an'Andriamanitra irery ny voninahitra . Tsidiho ny seraserantsika www.mkmb.be raha hijery ny sary tamin'izany.

►FANASANA

Ny tanora kristiana FPMA Lille dia manasa antsika hanatrika ny rindrakira karakarainy ny ASABOTSY 31 JANOARY, miatomboka amin'ny fito ora hariva ao amin'ny Eglise réformée , 26 rue Jeanne d'arc, Lille.

►FIARAHABANA

Lasa filohan'ny FPMA nasionaly (Fiangonana Protestanata Malagasy aty Andafy) ny namantsika mpanoratra eto amin'ny gazety, dia ny Mpitandrina Ravalitera Fety. Koa miarahaba azy isika ary mirary koa raha mirary ny ahatontosany ny andraikitra nanendrena azy an-tsakany sy an-davany. Inoana fa mitondra azy am-bavaka isika rehetra noho ny havesatry ny asa iantsoroany ary tsy adino fa Iray ihany isika ao amin'ny Tompo.

NOUVELLES DU PAYS

Remaniement du Gouvernement :12 ministres

limogés! (TRIBUNE06/01/2004)

Cinq jours seulement après le discours de nouvel an du Président de la République, le Premier ministre Jacques Sylla a, hier au Palais de Mahazoarivo, présenté les nouveaux titulaires de quelques portefeuilles du Gouvernement. Un nouveau gouvernement qui, contrairement au précédent formé de 22 ministres et d'un secrétaire d'Etat, est composé de 17 ministres et de deux secrétaires d'Etat. Une nouvelle équipe qui vient d'être enrichie de 9 nouvelles têtes dont le ministre de la Défense Nationale, le Général de Division Behajaina Petera, le ministre de l'Intérieur et de la Réforme Administrative, Soja, la ministre de la Justice Mme Ratsiharovala Lala Henriette, le ministre de la Population et de la Protection Sociale, Zafilaza, le ministre des Télécommunications, des Postes et de la Communication, Mahazaka Clermont Gervais, le ministre de l'Agriculture, de l'Elevage et de la Pêche, Randriarimanana Harrison Edmond, le ministre de la Jeunesse et des sports, Randrianjatovo Henri François Victor, le secrétaire d'Etat auprès du MinInter chargé de la Décentralisation, du Développement Régional et des Communes, Eniavosoa et le secrétaire d'Etat auprès du Minter chargé de la Sécurité Publique, Razakanirina Lucien Victor. Ainsi, 12 ministres du précédent Gouvernement dont Razafindrandriatsimaniry Dieudonné Michel, Razafindralambo Vola Dieudonné, Mamizara Jules, Rambeloalijaona Jean Seth, Rajaonah Alice, Andriampanjava Félicien, Rahaingosoa Louise Odette, Mahazoasy Roger, Randriasandratiniony Yvan, Ndalana René, Monique Andréas, Amady Augustin ne sont plus récupérés au sein de cette nouvelle équipe gouvernementale.

*Reconduits. Par ailleurs, 3 ministres du précédent Gouvernement ont été complètement affectés à d'autres postes ministériels et des ministères ont été également jumelés. En effet, Razafinjatovo Haja Nirina, ancien ministre des Télécommunications, des Postes et de la Communication, occupe actuellement le poste du ministre de l'Education Nationale et de la Recherche Scientifique.

Un super ministère qui englobe à la fois le ministère de l'Enseignement secondaire et de l'Education de Base ainsi que le ministère de l'Enseignement Supérieur et de la Recherche Scientifique. Ranjivason Jean Theodore, ancien ministre de l'Enseignement Supérieur et de la Recherche Scientifique, est affecté au poste du ministre de la Fonction Publique, du Travail et des Lois Sociales. Et Raberinina Jean Jacques, ancien numéro Un du Travail et des Lois Sociales, est chargé au sein de ce nouveau Gouvernement du ministère de la Culture et du Tourisme. Par contre, 6 ministres du précédent Gouvernement ont pu garder intactes leurs portefeuilles ministérielles: Zaza Ramandimbarison du Programme Economique, du Transport, des Travaux Publics et de l'Aménagement du Territoire; Radavidson Benjamin Andriamparany de l'Economie, des Finances et du Budget; Rabarison Jacques de l'Energie et de Mine; Ranjeva Marcel des Affaires étrangères; Mejamirado Razafimihary de l'Industrialisation et du Commerce ainsi que Charles Sylvain Rabotoarison de l'Environnement, des Eaux et Forêts.

*Pourquoi ? Après la lecture du Décret n°2004-001 du 05 janvier 2004 portant remaniement de la composition des membres du Gouvernement, le Premier Ministre Jacques Sylla a expliqué le pourquoi de ce remaniement et les raisons qui ont poussé, lui et le Président de la République, à choisir cette composition de la nouvelle équipe gouvernementale. Ainsi, après avoir loué les efforts déployés par le précédent gouvernement, le locataire de Mahazoarivo a indiqué que la conjoncture politique actuelle ne les a pas permis de ne pas procéder à tel remaniement ministériel. Et lui de souligner que ce nouveau Gouvernement est dorès et déjà condamné à réussir.

Par ailleurs, le chef de l'Administration a déclaré qu'au nom de la politique d'austerité prônée par l'actuel régime et pour plus d'efficacité et de facilité de gestion, on a réduit le nombre des ministères et jumelé certains départements ministériels qui peuvent être gérés par un seul ministre. Le premier ministre Jacques Sylla a également mis l'accent sur le fait que l'équipe de ce nouveau gouvernement est plus jeune par rapport à celle du précédent gouvernement. Une jeunesse qui, selon toujours le numéro Un du gouvernement, témoigne déjà du dynamisme de cette nouvelle équipe. Et il a conclu sa brève intervention en disant: "Laissez-nous d'abord travailler avant de formuler des critiques".

Bref, le Président de la république et son premier ministre viennent là de procéder à un remaniement non politique mais technique étant donné que la plupart des nouveaux venus sont des techniciens.

Hery Rasoamanana

COMPTE N°068-226503919

Vous pouvez adresser vos articles et correspondances avant la fin de chaque mois soit

- au 40, bd Bischoffsheim 1000 Bruxelles
- sur Internet : liliane@mkmb.be
coordinateur@mkmb.be

Pour d'autres renseignements, appeler au 071/74 19 38

Secrétaire de rédaction L. Ralaivoavy

Collaborateurs Pasteur J.Rakotoarimanana –Pasteur Ravalitera F.J. -E. Barijaona -Noro Ranohavimanana

Comité de rédaction Ralalaso M-T. - Ralaivoavy L. Rasoamanana H. - Ravoson J. - Razafimandimby C. - Andrianaivo F. - Razafimbola H. – Raharinelina Miangaly